KABARIN'NY PREZIDA RATSIRAKA
TAMIN'NY FAHA-50 TAONAN'NY TOLOM-PANAFAHANA 1947
MAUSOLEE - AVARATR'AMBOHITSAINA
(29 Martsa 1997)
****

Tompokolahy sy Tompokovavy hajaina,

Asabotsy faha-29 hifoha Alahady 30 Martsa 1947
Asabotsy faha-29 hifoha Alahady 30 Martsa 1997.

Vaninandro mitovy, datin'andro mitovy, ny toerana iray ihany, fa 50 taona aty aoriana no misy antsika eto ary ny taon-dasa 1996 iny isika no avy nahatsiaro ny faha-100 taonan'ny fanjanahan-tany teto Madagasikara.

« Avy tamin'Andriamanitra, fa tsy tongatonga ho azy izany fifanandrifian-javatra izany, ka toa mahagaga eo imasontsika »!

Eo amin'ny tantaram-piainana dia misy ny andro iray tsy leon'ny andro arivo satria vesaran'ny fahatsiarovana tsy azo kosehina.

Ka na hafaliana no fonosiny, na alahelo no raketiny, dia zavatra tokana no itovizany :

Toa maivana loatra ny teny amin'izay, ka tsy ampy hamaritra ny lanjan'ny ao am-po.

Maika moa raha fiainam-pirenena no tenenina ! Eny, na dia noho ny isan'olona voakasiny ihany aza.

Ho an'i Madagasikara manokana ary, iza intsony ankehitriny no hahatsiaro-tena ho lavitr'izany, raha resahina ny tolom-panafahan'ny 1947 ?

Feno 50 taona anio tokoa mantsy izany andro mavesa-danja loatra eo amin'ny tantaram-pirenena izany;

Koa mamelà ahy ianareo hanan-teny fohy izay fantatro sahady fa ho maivana loatra manoloana izany andro manan-tantara izany.

Noho izany,

Saikatsaikatra, toa mitafy lamba eo imason'ny tompony aho, ary vahobahotra, toa miteny lango eo imason'ny vary, raha hiresaka etoana ny sorona nataon'ireo tia Tanindrazana, 50 taona lasa izay;

Satria inona tokoa no teny hahalaza izay nosoratan'izy ireo tamin'ny rany, izay pejy volamena mirakitra ny hasin'ny Firenena sy takela-bolafotsy ifotoran'ny Fahafahana ka horaketin'ny tantaran'ity Nosy ity mandrakizay ?

Sanatria tsy hipasoka ny efa malama ary aho,na hikosoka ny efa madio, fa mbola any rahateo ireo akanga sisa nanamborana, tapa-porohana sisa tsy may, izay tsy hosoloiko vava mihitsy fa vavolombelon'ny tenany izy ireo.

Eto koa ireo manam-pahaizana manokana momba ny tantara, koa tsy hanao bingo manao matso ny tenako, ka hisalovana ny anjaran'ny hafa.

Ny manandrify tsa miolaka ary ny zaran-tegna tsy omen-kafa,

Sady ny lasa hono tsy mba fanadino, ka ny ijoroako etoana dia izao :

Voalohany,

Ny haneho amin'ny anaran'ny vahoaka malagasy tsy vaky volo ny fideràna feno sy ny fankasitrahana eram-po, eram-panahy ny herim-po nasetrinareo ny balan'ny mpanjanatany, sy ny fandavan-tena nisaloranareo ka tsy nampihemotra anareo hatramin'ny fahafatesana.

Mandria amim-piadanana hono ianareo, ka ny teny entin'ny Firenena hitadidy ny sorona vitanareo dia ny hoe :

« Izay maty ho an'ny Tanindrazana, velona mandrakizay ao am-pon'ny vahoaka. »

Ka na tsy ho voavaly aza izany, satria inona no azo asanda ny ainareo ?

Dia ao Andriamanitra an-tampon'ny loha, hanonitra avo zato heny, arivo tsy manam-pahataperana izay nataonareo rehetra ho an'ity Firenena ity.

Dia ho aminareo sy ny taranakareo.

Fa izay manandrify ny vahoaka kosa dia ny ezaka tsy maintsy ataon'ny tsirairay mba ho mendrika ny fahafoizan-tenanareo.

Faharoa,

Ny hanandratra eo imason'izao tontolo izao fa :

Sambatra raha samy sambatra lahy ny vahoaka malagasy manana anareo ho hitsikitsika, hampiana-mandihy raha fararano, ary tretrika raha samy tretrika i Gasikara tsilovinareo anaty tafiotram-pahavaratra.

Fa ianareo no fitaratry ny lasa sady fanilon'ny ho avy.
Ka ny afo tsy maty tao am-ponareo no efa nandrendrika ho Firenena iray ny foko samy hafa ary nampirindra koa ho tarigetra tokana ny firehana tsy nitovy.

Koa avelanareo ho fianarana izany ho an'ny taranaka fara aman-dimby, handrafetantsika ny rahampitso, ao anatin'ny Demokrasia tena Malagasy, miorina amin'ny fihavanana anjakan'ny fifandeferana ary fototry ny fanantenana tsy azo hozongozonina.

Fahendrena tsy takona afenina izany ka rariny loatra raha asongadina satria : « *Izay atoro no hita ary izay ambara no re ».*

Fahatelo,

Ny hampita amin'ireo solofo dimbin'ny ala, fa masina ary tsy azo araraka an-tany ny ohatra navelan'ireo Ray aman-dReny nanao sorona ny ainy, ka :

Tsy maintsy kajina toy ny anakandria-maso ny fahafahan'ny Tanindrazana izay nandatsahanany ny rany,

Tsy maintsy koloina sy ampiroboroboina ny lova sarobidy napetrany,

Ka voalohany amin'ireny ny firaisan-kinam-pirenena;

Fa ao koa ireo zava-boahary tsy roa aman-tany natolotry ny Mpahary ho antsika ary tsiririt in'izao tontolo izao.

Tsy isika mihitsy sanatria no hanao valalan'amboa ka ny tompony indray no tsy tia.

Ary izany no nitarika anay hanolotra ny vahoaka malagasy ny hametrahantsika ny « *HUMANISME* » sy ny « *ECOLOGIE* » ho filamatra sy fototra mba hitandroana izany harena izany indrindra ka hampihavana antsika indray amin'ny Mpahary sady handrindra ny fifankatiavan'ny samy olona, ary ny olombelona amin'ny zava-boahary.

Mino aho fa ho tanteratsika izany raha miray hina isika ka mandray am-po ny ohatra navelan'ireo izay tsarovantsika androany, ny finiavany sy ny herim-pony, ary dia hody ventiny tokoa ny FANANTENANA VAOVAO najorontsika.

Ary fahefatra sady farany, fa tsy latsa-danja,

Mitodika aminareo tapia sisan'afo kosa ny tenako ka miarahaba anareo mbola notahin-janahary, nieren-doza, nieren'antambo, ka mbola nahatratra izao androm-pahatsiarovana izao.

Misy nofon-kena mitam-pihavanana kely atolotry ny Fitondram-panjakana ho anareo.

Tsy mahavidy ny herim-ponareo akory izany sady mino marimarina aho fa tsy nitady sandany ianareo fa fitiavan-tanindrazana madio no nanentana anareo,

Nefa hoy ny Ntaolo :

« Aleo tsaroan-tsy enina toy izay voky tsy tsaroana fa ny voky tsy mahaleo ny tsaroana ! »

Koa ataovy sotro ranon'akoho e, ka izay kely azo andrandraina, fa io aloha no tratry ny volam-panjakana ankehitriny.

Atolotra anareo ihany koa ny karatry ny mpitolona 47 mba hamantarana anareo sady hahafahanareo manana zo izay ho faritan'ny lalàna tsy ho ela.

Misy koa medaily fahatsiarovana vitsivitsy hatolotra ireo izay niavaka indrindra teo amin'ny tolona nataony ka tsiahivin'ny Firenena manokana.

Ary, raha vao misy ahafahana manao izany ny toe-bolam-pirenena, dia hotanterahina ny « pension » izay efa nampanantenaiko anareo.

Tsy sahaza ny tolona nataonareo ireo, nefa mbola manarina ny Firenena isika, koa ataontsika mason-tsokina e, ka izay kely ananana no ahiratra.

Dia samy ho tratr'izay ela indrindra anie ianareo ary hifanantitra amin'ny Firenena malalantsika.

[Avant de terminer, je voudrais remercier sincèrement Monsieur l'Ambassadeur de France et les autorités françaises ici présentes. Lorsque j'ai rencontré le Président CHIRAC, Président de la République Française, j'ai parlé d'un nouveau départ dans la coopération et dans les relations entre la France et Madagascar. J'ai parlé d'une nouvelle coopération. Lors de mon discours d'investiture, j'ai dit qu'entre le Japon et les Etats-Unis, il y a eu Hiroshima et Nagasaki, deux bombes atomiques, et cela n'empêche pas les deux Pays de coopérer dès lors qu'il s'agit des intérêts des deux Peuples et des deux Nations. J'ai dit aussi qu'entre la France et l'Allemagne, il y a eu deux guerres mondiales et cela n'empêche pas le couple franco-allemand de marcher et de fonctionner, cahin-caha peut-être de temps en temps, mais de fonctionner tout de même, dès lors qu'il s'agit de l'intérêt supérieur de l'Europe, en général, et de l'intérêt supérieur de la France et de l'Allemagne , en particulier. Eh bien, des troupes allemandes ont bien défilé sur les Champs-Elysées. Aujourd'hui, en ce jour 50 ème anniversaire des événements de 1947, je suis heureux de voir que la France a bien voulu marquer par la présence de son Ambassadeur à Madagascar, le nouveau départ dans la coopération entre la France et Madagascar. Je suis heureux et je voudrais, Monsieur l'Ambassadeur, vous demander de bien vouloir transmettre au Président Jacques Chirac, l'assurance de notre haute et fidèle considération et de nos vifs et sincères remerciements.]

Misaotra Tompokolahy, Misaotra Tompokovavy

KABARIN'NY PREZIDA RATSIRAKA
TAMIN'NY FAHA-50 TAONAN'NY TOLOM-PANAFAHANA 1947
MORAMANGA

******

HASINA - FIHAVANANA - FANILO MIAMPITA

Ny fahanginana manandratra ny fahamendrehana, ny fahatsiarovana anefa no fehizoron'ny fankasitrahana ary tsangam-bato mitahiry ny tenin'ny Tantara.

Araka ny nambarako tany Antananarivo, Asabotsy 29 Martsa hifoha ny alahady 30 Martsa 1947,
anio Asabotsy 29 Martsa hifoha ny alahady 30 Martsa 1997.
Tsy tongatonga hoazy izany fa lahatra'Andriamanitra

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Mpikaroka, mpampianatra lalàna ary mpisolovava sady mpikatsaka ny fahafahana teo anivon'ny fahamendrehana sy fihavanana no indramako teny mba hitarihan-dresaka amin'izao lanonam-pahatsiarovana izao.

Fa hoy indrindra Itompokolahy René RAHARIJAONA : « Mino aho fa ny Malagasy tsirairay dia misy tady tsy hita maso mamatotra azy amin'ny Malagasy nifandimbidimby hatrizay, ka izany rohy izany dia tsy mba mety ho tapaka na levona mandrakizay »

Eo amin'ny fasan'ny Mahery Fo Malagasy dia misy sora-baventy manao hoe : « Izay maty ho an'ny Tanindrazana dia velona mandrakizay ».

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Dimampolo taona aorian'ny fanoherana mivaivay nataon'ny Tia Tanindrazana manerana ny Nosy tamin'ireo fitondràna mpanjana-tany dia mamelà ahy ianareo mba haneho ampahibemaso ny finoako tanteraka an'ireo fehezan-teny roa notanisaiko teo ireo.

Fa isika rehetra velona anio 29 Martsa 1997 tokoa dia mahatsiaro, manembona, manaja ary malahelo an'ireo Razana rehetra nialoha antsika...
Ary dia mino koa fa velona ao am-po sy eo anivon'ny fahatsiarovan'ny Tantara izay rehetra maty ho an'ny Tanindrazana.

Noho izany dia mahatsiaro an'ireo Razam-be, Raibe, Renibe, Zokibe, Ray aman-dReny nodimandry noho ny fitiavan-tanindrazana isika mianakavy ka :

Tsiahivina manokana ny mpitolona sy mahery fo namoy ny ainy tamin'ny taona 1947, malagasy miisa (100.000) iray hetsy any ho any, hoy ny gazety frantsay nivoaka tamin'izany fotoana izany ary mbola nohamafisin'ny gazety frantsay « le Monde » tamin'ity volana ity. Fa izahay dia mino marimarina fa maro be lavitra noho izany no namoy ny ainy tamin'ny 1947 sy iny tolom-panafahana iny.

Fa samy akambantsika eo anivon'ny fankatoavana ireo rehetra nanao sorona ny ainy noho ny fitiavana an'i Madagasikara sy ny Malagasy, ka sady saro-piaro tamin'ny haja amam-boninahitry ny Nosy no nanandratra avo dia avo ny hasin'ny Firenena, nanomboka tamin'ny faha-mpanjaka, nandalo tamin'ny faha-zana-tany ary nitohy tamin'ny fotoana nahaleovan-tena noho ny fifandonana ara-poto-kevitra sy ara-politika teo amin'ny samy malagasy.

Koa anio dia raisiko ho adidy masina ny miarahaba an'ireo akanga sisa nanamborana, tapa-porohana sisa tsy may, mpiady menavazana, vavolombelon'ny tolona, amin'ny anaran'ny malagasy tsy vaky volo.

Ho aminareo lalandava anie ny fitahian'Andriamanitra tompon'ny fiainana ary mandahatra ny zavatra rehetra.

Ho ela velona anie ianareo, higoka ny vokatry ny tolona, hiara-hiriaria amin'ny zanaka amam-para ary ho modely fitaratry ny mpiara-belona, reharehan'ny fiaraha-monina, fanilon'ny tantara ary ho fanilo miampita.

Tsy nitazan-davitra ny Firenena sy ny Fanjakana, nanomboka tamin'ny Repoblika faharoa. Ny tenako rahateo moa efa nanokana toerana mazava ho anareo tato am-poko mandrakariva ka nanandratra anareo, nanangana ny foibe « Direction des Combattants Nationalistes » ary nanokana vola ho fankasitrahana anareo.

Tsy ampy akory izany ary tsy ho ampy na oviana na oviana izay mety ho mari-pankasitrahana anareo satria ny tolona sy ny sorona nataonareo dia tsy azo vidim-bola aman-karena.

Na izany na tsy izany aza anefa dia tsy mandry ny eritreritra raha tsy mba misy ezaka manokana atao amin'izao jobily faha-50 taona izao.

Noho izany, dia noheverinay fa tokony manolotra nofon-kena kely mitam-pihavanana ho anareo ny fanjakana ka :

- Raha efatra arivo ariary na 20.000 Fmg isam-bolana ny « pension », fa tsy « secours » akory, teo aloha dia hasondrotra ho fito arivo ariary na 35.000 Fmg izany manomboka izao;

- Omena roa alina ariary na 100.000 fmg isan'olona manokana noho ny jobily ianareo tena mpitolona menavazana 47 rehetra ka ny « Directions des Combattants Nationalistes » no miandraikitra ny fizarana izany.

- Hisy fanomezana medaly (médaille) ho fahatsiarovana ny jobily ho an'ny mpitolona (1.000) arivo lahy sy vavy ka hotsongaina aminareo ireo noho ny fahamendrehany manokana.

- Hizarana karatry ny Mahery Fo ianareo tsirairay miisa (4.500) diman-jato sy efatra arivo fantatra ankehitriny fa mbola mety hitombo araka ny tenin'ny mpandaha-teny teo.

- Ary farany dia tokony hamboarina miandalana ny Mausolée ao Antananarivo ary tokony ho fefena mba ho tsara fiarovana, tahaka ny fasan'ny Mahery Fo rehetra eran-tany, mirakitra ny tantaran'ny fitiavan-tanindrazana fa tsy avela haloto na ho simban'ny sasany.

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Dimampolo taona katroka tokoa izao, tamin'ny alin'ny 29 Martsa 1947 no nipoaka tsy azo notohaina intsony ny afo nipololotra tao am-pon'ireo mpitari-tolona tia tanindrazana, nanao sorona ny ainy, tsy nanaiky lembenana ny tery vay manta, ny fanitsakitsahana, ny tsindry hazo lena nampiharin'ny mpanjana-tany.

Nipoaka ny basy, nirefotra ny tafondro, nanomboka teto Moramanga ary nanenika ny Nosy manontolo, nandritra ny volana maro.
Ary vavolombelona tamin'ny fanafihana ny fonjan'i Moramanga teto ny tenako sy ny fianakaviako.

Koa miala tsiny, miala fondro aminareo rehetra tokony novangianay any amin'ny toeran-kafa rehetra nisian'ny tolona mivaivay koa toa an'i MANAKARA, AMBILA, AMPASIMANJEVA, LAKATO, ANOSIBE AN'ALA, VATOMANDRY, MAHANORO, MAROLAMBO, BRICKAVILLE, AMBATONDRAZAKA, FIANARANTSOA, TALATANAMPANO, TOAMASINA, FENERIVE-EST, ANTALAHA, MANANJARY, VOHIPENO, VOHEMAR, NOSY VARIKA, FARAFANGANA,SAHASINAKA, FARITANIN'ANTANANARIVO, FARITANIN'ANTSIRANANA, FARITANIN'I MAHAJANGA, FARITANIN'I TOLIARY, sy ny sisa, sy ny sisa tsy ary ho voatanisa eto avokoa. Tsy afaka hitsidika anareo rehetra izahay hoy aho, fa ny fo aman'eritreritra dia aminareo rehetra, fa teto MORAMANGA izahay ary saika novonoin'ny miaramila Senegaly ny raiko tamin'izany fotoana izany ka aza tsiny raha eto no ankalazainay manokana ity jobily manan-tantara ity.

Mahatsiaro izany izahay ankehitriny ka dia mby an-tsaina avy hatrany ny fitenin-drazana manao hoe : Tantely amam-bahona tokoa ny fiainana ary toy ny aviavy ka, na nangidy sy mafy aza tany am-boalohany, dia nitera-bokatsoa lehibe sy mankadiry ho an'ny taranaka fara aman-dimby, nahafahana tamin'ny tsindry hazo lena sy ny fanangejana isan-karazany.

Izao dia azo lazaina fa nody ventiny ny rano natsakaina : azontsika ny Fahaleovan-tena, ary raha mirehareha isika taranaka aty aoriana fa miaina ao anatin'ny Fahafahana sy ny Demokrasia, dia tsy azo adinoina fa loharano nipoiran'izany toe-javatra soa izany ireo mpitolona nialoha lalana antsika, niady mba hampanjaka ny fiandrianana sy ny zon'ny Firenena Malagasy, izay fototra voalohan'ny tena Demokrasia.

Ireo maty tamin'ny tolona tokoa no nanao tahaka ny fahafatesan'ny tantely, maty ihany fa namela mamy.

Ny hazo no vanon-ko lakana hono, ny tany na ny ala naniriany no tsara. Ny katsaka no manao baby telo, ny tany nipoirany no lonaka ary isika malagasy no mbola mijoro sy mirehareha toy izao dia noho ny tolona nataon'ireo nanao vy very ny ainy, ireo maritiora ho an'ny Tanindrazana malalantsika ity.

Afo miredareda tsy mety vonoina ao am-pontsika Malagasy tsirairay avy ny TOLOM-PANAFAHANA avy amin'ny FITIAVAN-TANINDRAZANA sy ny FAHATSIAROVANA ireo MAHERIFONTSIKA toy izao.

Andron'ny fahatsiarovana izany tolona izany anio , andron'ny fitiavan-tanindrazana, andron'ny fampiraisam-pirenena ary raha tsy mahadiso dia andron'ny vahoaka vonona sy manana FANANTENANA VAOVAO.

Koa raha tsiahivintsika amim-pahatoniana sy amim-panajàna androany ny fahafoizan-tena sy ny herim-pon'ireny MAHERY FON'NY FIRENENA ireny dia tsy manavaka isika satria tolona tokana, tombotsoan'ny Firenena iombonana no atrehintsika.

Koa tsiahivintsika amim-pireharehana ny ohatra miezinezina sady mendri-piderana navelan'izy ireo ho antsika sy ho an'ny dimby sy fara ao aoriana.

Tsiahivintsika indrindra , ho fanovozan-kery, hamelona FANANTENANA mandrakariva ho an'ireo mpiray tanindrazana rehetra, hahatsapàna ny adidy aman'andraikitra takian'ny rà latsaka sy ny nofo raraka teto amin'ity Firenena ity.

Tompokovavy sy Tompokolahy,

Eto am-pamaranana dia izao ny hafatray :

Tsy maintsy mitràka ary misikim-ponitra isika, hampandroso ity Firenentsika ity, mba hampisy lanjany ny vokatry ny tolona nataon'ireo MAHERIFONTSIKA tamin'ny 47, mba tsy ho very maina toy ny vanja natifi-danitra.

Ny tolona rehetra izay natao dia LEVENAM-BOLA mipetraka amintsika tsirairay avy ka tsy mba hitelomantsika ny voa manadino fa hitsakoantsika ny voa mahatsiahy, ka hahatsiaro mandrakariva ny soa napetrak'izy ireo isika rehetra. Ny tolona no vavolombelon'ny fandresena, ka aoka tsy hisy hivadika amin'ny teny nomena.

Aoka ho mendrika ny sorona nataon'ny MAHERIFONTSIKA isika fa mbola misy ireo akanga sisa nanamborana, voaloboka sisa niotazana, izay mijery sy mitsara antsika mianakavy amin'izao fotoana izao.

Tokana sy masina ny Tanindrazana.
Ilo mby an-doha, tsy maintsy tantazana.

Eto dia mampahatsiahy kely aho, mba hahafantaranareo fa tsy adino, araka ny voalazan'ny mpandaha-teny teo, i Moramanga fa manaraka amin'ny aotomobilina ao aoriana ao ny « Antenne Parabolique » nampanantenaina anareo. Ary eto koa dia ataoko fa tsy hisy izany fanesorana ny « Ecole Normale » eto Moramanga izany fa antsika rehetra io.

Koa raha tsy mahadiso dia hoy izahay hoe :

« Ho ela velona anie i Madagasikara mitràka ary tsy mandohalika mandrakizay».